

31 mey 2010.

18 Sivan 5770.

## Mitandrema amin'ny mpaminany sandoka.

*"Hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka hamitaka ny maro"* (Matio 24:11)

Hisy mpampianatra sandoka hiseho eo aminao hampivily anao tsy hanaraka ny lalana tery sy ny varavarana ety. Mitandrema ianao amin'izy ireo. Na dia miafina amin'ny fitafin-janak'ondry aza izy dia tsy inona fa amboadia mpanao ankeriny. Nasehon'i Jesosy ny fomba hamantarana azy. **"Ny voany no ahafantaranareo azy . Moa mioty voaloboka amin'ny tsilo ve ny olona na aviavy amin'ny songosonko ? "**

Tsy amin'ny alalan'ny teny tsara lahatra na koa fanehoam-pinoana no hitsara azy ireo fa ny Tenin'Andriamanitra : **" Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, Dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina."** ( Izaia 8: 20) **"Anaka, mitsahara tsy hihaino anatra Izay mampanalavitra anao ny tenin'ny fahalalana"** (Ohabolana 19: 27) Inona no hafatra hoentiny ireny mpampianatra ireny? Manasa antsika hanome fanajàna ambony sy hananana tahotra an'Andriamanitra ve izy? Hanome porofo ny fitiavan-tsika Azy amin'ny fitandremana ny didiny? Na ny mifanohitra amin'izany, tsy manisy vidiny ny fahefan'ny fitsipika ara-pitondrantena ao amin'ny didy folo? Moramora aminy ve ny tsy fanarahandalàna ary mandika eny na dia ny kely indrindra amin'ny lalàny aza izy? Noho io farany io dia tsy hankasitrahana ny lanitra izy ireo ary ny fampianarany dia tsy marim-pototra. Raha ny marina dia manatanteraka ny asan'ny andrianan'ny maizina izy ireo dia ny fahavalon'Andriamanitra izany.

Ireo izay milaza fa an'i Kristy na mitondra ny anarany dia tsy hoe Azy avy hatrany akory. Maro hoy Jesosy izay nampianatra tamin'ny anarako kanefa amin'ny farany dia ho hita fa maivan-danja. **"Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay?"** (Matio 7 : 21)

Aoka tsy hisy hihevitra fa ao amin'ny fahamarinana nefa dia ao amin'ny fahadisoan-kevitra. Misy na dia mitaky an'i Kristy ho Tompony sy manatanteraka ampahibemaso asa goavana amin'ny anarany aza dia mpiara-miasa amin'ny fahamaizinana **"Mihaino ny Teninao izy nefa tsy mety mankatò izany satria fanesoosana no hasetriny izany ary ny fony dia manaraka filan-karena."** **Koa, indro, ianao dia ataony ho tahaka ny mpanao hira mahafinaritra, izay tsara feo sady mahay mitendry; fa mandre ny teninao izy, nefa tsy mety mankatò azy.** (Ezekiela 33: 31, 32)

Ny fanarahana tsotra ny foto-pinoana dia tsy manana ny lanjany loatra. Betsaka ny manome fiheverana mamitaka ny finoana mahavonjy eo amin'i Jesosy. **"Minoa, minoa fotsiny ihany hoy izy fa tsy voatery hitandrina ny lalàna intsony ianareo"** Kanefa ny finoana tsy mitarika ho amin'ny fankatoavana dia fizahozahoana fotsiny. **Hoy ny apostoly Jaona:" Izay manao hoe: Fantatro Izy, nefa tsy mitandrina ny didiny, dia mpandainga, ary ny marina tsy ao anatiny "** ( Jaona 2:4) Aoka tsy hisy hihevitra fa rehefa misy fitrangan-javatra mahagàga toa avy any an-danitra dia manaporofy ny fahamarinan'ny heviny na ny asany. Raha misy miresaka tsy amim-piheverana ny tenin'Andriamanitra ka mametraka ny heviny, ny fihetsepony na ny fitondran-tenany eo ambonin'ny fetra avo takian'ny lanitra dia azontsika fintinina fa tsy ao amin'izy ireo ny fahazavàna.

Ny fankatoavana no hahafantarana ny fivavahana marina. Ny fahatokian-tsika ho amin'ny fitandremana ny didin'Andriamanitra no manam-porofo ny fahatsoran'ny fitiavan-tsika. Raha manampy handresy ny fahotàna sy hanadio antsika ka hitondra vokatry ho amin'ny fahamasinana eo amin-tsika ny foto-pinoana izay neken-tsika dia azo antoka izany fa avy amin'Andriamanitra. Raha malala-tànana sy feno hatsaram-panahy ary fiantràna ny fiainan-tsika, raha mahita fahafinaretana amin'ny fanaovana ny tsara ny fon-tsika; raha mitady ny voninahitr'i Kristy isika fa tsy ny antsika dia fantatsika fa tena izy ny finoan-tsika. **" Ary izao no ahafantarantsika fa mahalala Azy isika, dia ny fitandremana ny didiny."** (1 Jaona2 : 3)

Ellen G. White *Heureux ceux qui...* p 134 - 136.

